Izay manoro làlana amin’ny tsara dia hahazo tahaka ny valisoa azon'ny manao izany

Tatitra azo avy tamin'i Abi Mas’ond (R.A) niteny manao hoe : Nisy lehilahy tonga teo amin’ny Mpaminany (S.A.W) niteny hoe : Tsy manana fitoavam-pitaterana aho ka mba ento, hoy Izy : Tsy manana izany aho, ary nisy lehilahy iray niteny hoe : Ry Irakan'Allah ô ! Ambarako azy ny olona mety hitondra azy, Dia niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Izay manoro làlana amin’ny tsara dia hahazo tahaka ny valisoa azon'ny manao izany ”.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nisy lehilahy tonga teo amin’ny Mpaminany (S.A.W) ary niteny hoe : Very ny biby fitengiko ka mba ento aho, ary omeo fiara hitondra ahy hahatongavako amin'ny toerana alehako, Dia niala tsiny taminy i Mpaminany (S.A.W), Satria tsy nanana na inona na inona hitondra azy, ka hoy ny lehilahy iray nanatrika teo hoe : “ Ry Irakan’Allah, ho tarihiko amin’izay hitondra azy avy izy? Dia hoy i Mpaminany (S.A.W) fa mpiara-miombonantoka amin'ilay mpanome swadaka izy amin'ny fahasoavana, Satria Izy no nanome sosokevitra ilay nitady izany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5354